

Tahirin-kevitra fanadihadiana ny fampiharana ny politika 50/50

NOVAMBRA 2020



8 martsa fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy Antananarivo. Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

ZAVA MISY MISONGADINA

Ity fampahalalana mikasika ny politika 50/50 ity dia mamakafaka ny fifidianana izay natao teto Madagasikara tamin'ny 27 Mey 2019 nifidianana mpikambana 151 teo amin'ny Antenimieram-pirenena, ary mpikambana 21 279 ho ao anatin'ny fllakevim-pitantanan'ny kaominina 1695, tamin'ny 27 Novambra 2020.

Araky ny voka-pifidianana, ny vehivavy dia mandrafitra ny 18%'ny parlemantera ao amin'ny Antenimieram-pirenena sy Antenimiheran-doholona; ary ny 7%'n'ireo mpanolotsaina eny ifotony.

Io vokatra io dia ahatsapantsika fa :

Mbola ambany hatrany ny fisolontenan'ny vehivavy eo amin'ireo ambaratongam-pitondrana rehetra eto Madagasikara.

- Ny rafi-pifidianana FPTP dia tsy manome tombony ny fisolontenan'ny vehivavy eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra politika.
- Ny rafi-pifidianana (mixte)mampiasa miaraka ny FPTP sy ny Representation Proportionelle (RP) izay tsy misy fetran'isa na quota ho an'ny vehivavy eny amin'ny fitantanana ifotony, raha toa ka mitarika fizarana toerana ara-drariny kokoa eo amin'ny antoko ao anatiny ny rafitra monisipaly, dia tsy niteraka fitomboan'ny solontenan'ny vehivavy.

Fafana 1: Vokatry ny fifidianana natao ny taona 2019

	Fifidianana teo aloha	Fifidianana manaraka	Rafim pifidianana	Isan n y toerana	Isan ny Lehilahy voafidy	Isan'ny vehivavy voafidy
Antenimiera-mpirenena	2019	2024	FFTP	151	26 ¹	17%
Antenimieran-doholona	2015	2020	Mixte ²	63	13 ³	21%
Ny Antenimiera roa				214	39	18%
Fifidianana Filoham-pirenena (isan'ireo vehivavy nilatsan-kofidiana)	2018	2023	FFTP	36	5 ⁴	14%
Kabinetra	2020		Tendrena	24	8 ⁵	33%
Ben'ny Tanana	2019	2023	FFTP	1695	87 ⁶	5%
Mpanolontsaina ny tanàna	2019	2023	PR	21 279	1532	7%

IREO SAKANA AMIN'NY FANDRAISAN'ANJARA NY VEHIVAVY EO AMIN'NY SEHATRA POLITIKA

Mbola ambany ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny politika eto Madagasikara noho ny toetra maha-patriarika, na manome tombon-danja ny lahy ny Fiarahamonina malagasy. Antony maro, toy ny fanavakavahana mifototra amin'ny fomba amam-panao nentin-drazana, ny tsy fahampian'ny fahalalana, ny taha mbola iva ny fahatsiarovan-tenan'ny lahy sy ny vavy eo anivon'ny antoko politika sy ny andrim-panjakana⁷, ary koa ny tsy fisian'ny fetran'isa na quota ho an'ny vehivavy amin ny politika, ireo voalaza rehetra ireo dia sakana amin'ny fandraisana anjara politikan'ny vehivavy. Ny tahan' ny herisetra atao amin'ny vehivavy dia mbola ambony ihany koa: roa ampahatelon'ny vehivavy manerana ny nosy no efa niaina izany.⁸

Ny vehivavy eny amin'ny fiarahamonina ifotony dia mbola misedra fanamby maro ateraky ny fihevitra raikitapisaka izay mandrara azy ireo ny fidirana amin'ny sehatra maro, anisan'izany ny fanampahan-kevitra politika.

NY AMIN'NY ANDININY AO AMIN'NY LALAM-PANORENANA

Ny Andininy faha-6 sy 28 amin'ny lalàm-panorenan'ny Repoblika an'i Madagasikara 2010 dia manoritsoritra ireo fitsipiky ny fitoviana ary tsy fanavakavahana milaza fa:



Biraon'ny Antenimieram-pirenena.

Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

“Mitovy zo ny olona rehetra eo anatrehan'ny lalàna, samy manana fahalalahana fototra crovan'ny lalàna ary tsy misy fanavakavahana na amin'ny maha-lahy na amin'ny maha-vavy, na amin'ny fari-pahalalàna, na amin'ny fari-piainana, na amin'ny fiaviana, na amin'ny finoana, na amin'ny tsy fitovian-kevitra.”

“Ny lalàna no manome tombony ny fitoviana amin'ny fidirana sy ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fisahanan'asam-panjakana sy amin'ny asa eo amin'ny sehatry ny fiainana ara-politika, ara-toekarena sy aratsosialy.”

“Tsy misy natao ho matiantoka amin'ny asa amandrahany noho ny mahalaky na maha-vavy

¹ <http://www.lagazette-dgi.com/?p=30796>

² Mifangaro ny rafi-pifidianana RP sy tendren'ny filoham-pirenena

³ <http://www.hcc.gov.mg/arrets/arret-n02-hccar-du-22-janvier-2016-portant-proclamation-des-resultats-officiels-de-lelection-des-membres-du-senat-du-29-decembre-2015/>

⁴ <https://www.lactualite.mg/politique/8020-presidentielle-madagascar-decouvrez-les-numeros-des-candidats-sur-le-bullefin-unique/>

⁵ <https://www.madagascar-tribune.com/Dix-ministres-reentrants-et-quatorze-ministres-revenants.html>

⁶ Vokam-pifidianana vonjimaika, misy ireo kaominina mbola hamerina fifidianana

⁷ Naroarisoa Ravaozanany, 2010, Madagascar in Gender Links (Ed), This Seat is taken: Elections and the under-representation of women in seven Southern African Countries. EISA,

⁸ Johannesburg, p81, 9192

⁹ <http://www.laverite.mg/dossier/item/7448-violences-conjugales-quand-l%E2%80%99amour-g%C3%A9n%C3%A8re-l%E2%80%99enferm%E2%80%A6.html>

azy, ny taona, ny finoana, ny firehan-kevitra, ny fiaviana, noho ny mahampikambana ao anaty rafitra sendikaly na koa ny faharesen-dahatra ara-politika”

Ny andininy faha-14 amin'ny lalàm-panorenana dia manome ny olom-pirenena, na lahy na vavy, fahafahana mamorona malalaka fikambanana na antoko politika « Zon'ny olona rehetra no mivondrona an-kahalalahana ao anaty fikambanana, nefa tsy maintsy manaraka ny voalazan'ny lalàna.”

Toy izany koa ny momba ny zo hanangana antoko politika. Ny lalàna momba ny antoko politika no mametra ny fomba entina manangana sy mamatsy vola azy ireo. “Raràna ny fikambanana sy ny antoko politika izay manohintohina ny maha-iray tsy mivaky ny Firenena sy ny foto-kevitra repoblikana, sy izay manindrahindra fanjakazakana na fanavakavahana ara-pirazanana, ara-poko na ara-pinoana.”

Mandray anjara amin'ny fanehoana safidy ny antoko sy fikambanana politika.

NY AMIN' NY RAFIMPIFIDIANANA SY FETRA'ISA NA QUOTA

Araka ireo voalaza anaty Lalàm-panorenana ireo, ny lalàna fototra Malagasy dia tsy manakana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny sehatra politika, na io amin'ny maha mpandatsa-bato na io amin'ny filatsahan-kofidiana sy fanaovana politika, saingy kosa tsy mametraka fepetra manokana entina hampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny politika sy ireo toerana fanapahan-kevitra.

Miorina amin'ny maro an'isa tsotra ny rafipifidianana, misy fiovana isan -karazany araky ny antanan-tohatra eo amin'ny governemanta.

Misy Antenimiera roa ao amin'ny ny Parliamanta dia ny Antenimieram-pirenena (Assemblée Nationale) sy ny Antenimieran-doholona (Sénat de Madagascar).

NY AMIN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA

Ny Lalàm-panorenana (2010, Andininy faha 69-70) dia milaza fa Didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Minisitry no mametra ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimieram-pirenena, ny fitsinjarana toerana manerana ny tanim-pirenena sy ny fizarazarana ny fari-pifidianana; tamin'ny fifidianana Antenimieram-pirenena ny taona 2019 dia ny didim-pitondrana laharana 2019-189 no nanambara izany.⁹

Fomba roa no nifidianana ny mpikambana 151 ao amin'ny Antenimieram-pirenena : 87 no voafidy avy amina farim-pifidianana tokana, dia ireo distrika manana mponina latsaky ny 300,000 amin'ny alàlan'ny latsa-bato (FPTP), ary ny 64 sisa voafidy avy amin'ny distrika mpikambana roa, ireo distrika misy mponina mihoatra ny 300,000.

“Ny fifidianana solombavambahoaka dia voafidim-bahoaka tamin'ny alàlan'ny fandatsaham bato mivantana (suffrage universel direct FPTP) , tamin'ny latsa-bato iray (1) maro an'isa. Ny kandida mahazo isam-bato betsaka indrindra no ambara fa voafidy. Raha misy fitovian'ny isam-bato azo eo amina kandida roa, ny kandida be taona no ambara fa voafidy.”¹⁰

Araka ny andininy faha-70 amin'ny ny lalàm-panorenana “Didim-panjakana raisina ao amin'ny Filankevitry ny Minisitry no mametra ny isan'ny mpikambana an'ny Antenimieram-pirenena, ny fitsinjarana ny toerana manerana ny faritry ny firenena iray manontolo, ary koa ny fizarana ny farimpiadidim-pifidianana.”

Ny didim-panjakana 2019-189 dia nametra ny isan'ireo depiote ho 151 mifanaraka amin'ny isan'ny mponina eto amin'ny firenena.

Vehivavy ny filohan'ny Antenimieram-pirenena amin'izao fotoana izao, Razanamahasoa Christine.



RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimieram-pirenena.
Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

⁹ EISA, June 2019, Madagascar Electoral System <https://www.eisa.org.za/wep/mad4.htm> ; tsidika ny 16/12/2019
¹⁰ Lalàna 2018-010, article 4.

NY AMIN' NY ANTENIMIERAN-DOHOLONA

Ny isan'ny toerana natokana ho an'ny Loholona dia voafaritra amin ny alalan'ny didimpanjakana raisin'ny Filankevitry ny Minisitra. Tamin'ny fifidiananan'ny Antenimieram doholona tamin ny taona 2019 dia ny Didim-panjakana laharana 2015 - 1413, no namaritra ny toerana ho 63.

Ny Andininy faha 6 amin'ny lalàna fehizoro 2015-007 dia milaza fa ny mpikambana ao amin'ny Antenimieran-doholona dia voafidy amin ny fomba roa: ny roa ampahatelonny dia voafidy mampiasa ny rafimpifidianana RP mitovy isa ho an'ny faritra tsirairay amin'ny college electoral amin'ny fifidianana, misy ny ben'ny tanàna,

mpanolotsaina monisipaly sy kaominaly, Lehiben'ny Faritra sy ny mpanolotsaim-paritra ary ny Lehibem-paritany sy ny mpanolotsainam-paritany.¹¹ Ny iray ampahatelonny sisa dia mpikambana tendren'ny Filohan'ny Repoblika.¹²

Amin'ny totaliny izany dia 42 voafidy avy amin'ny vondrom-pifidy vaventy (college electoral) ary 21 no tendren' ny Filoha.

Ho an'ny fifidiana senatorialy ny 11 Desambra 2020 dia voatazona ny rafi-pifidianana fa ny isa 63 no lasa 18 taorian'ireo didy hitsivolana.

NY AMIN' NY FITANTANANA ENY IFOTONY



Hanta RABEARISOA, Ben'ny Tanàna kaominina Bongatsara.
Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

Talohan'ny fifidianana Novambra 2019, ny didimpanjakana laharana 2019-1541 dia nanova ny rafitry ny fifidianana ho an'ny fifidianana eny ifotony ka nanova ny rafitra FPTP ho rafitra mifangaro (mixte). Ao amin'ity rafitra ity dia voafidin'ny maro an'isa mivantana ny ben'ny tanàna amin'ny alàlan'ny rafitra FPTP. Ny kandidà mahazo vato betsaka indrindra no voafidy ho Ben'ny tanàna. Ny mpanolotsaina dia voafidy amin'ny alalan' ny RP ny lisitr'antoko , rafitra fisolo tena ,fomba mampiasa salanisa avo indrindra (tsy misy fifidianana ny mpilatsaka hofidina avy

amina lisitra hafa , latsa-bato preferentiel na lisitra ampahany).¹³ Amin'ny ankapobeany, ny rafitra RP no tsara kokoa ho an'ny fisolon-tenan'ny vehivavy noho ny FPTP, indrindra raha miaraka amin'ny rafitra mampiasa lisitra "zebrée" izany hoe vehivavy iray, lehilahy iray ao amin'ny lisitr'ireo kandidà.

Ny fanovana lehibe indrindra nateraky ny fifidianana 2019 dia ny fifidianana ny ben'ny tanàna sy ireo mpanolotsaina izay notanterahina niaraka tamin'ny Andron'ny Fifidianana.¹⁴

Fakan-kevitra tamin'ny 22 Febroary 2019 teo amin'ny governemanta, ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny Fifidianana na Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI) sy CSO na Vondron'ny Fiarahamonim-pirenena no nitarika izany tolo-kevitra momba ny rafitra ho an'ny toerana RP amin'ny fifidianana. Ny filankevitry ny minisitra dia nisafidy ny hanangana rafitra lisitra antoko tsy misy quota na fetran'isa miralenta tamin'ny didim-panjakana laharana 2019-1541. Ny antoko eo amin'ny fitondrana dia tsy nahavita nametraka kandidà vehivavy tany amin'ireo tanàn-dehibe. Niteraka fihenana iray isan-jato teo amin 'ny tahan' ny solontenan'ny vehivavy izany ka ilay 8% tamin'ny 2015 dia nidina ho 7% ny taona 2019.

¹¹ <http://archive.ipu.org/parline-e/reports/2367.htm>

¹² <http://www.hcc.gov.mg/arrets/arret-n02-hccar-du-22-janvier-2016-portant-proclamation-des-resultats-officiels-de-lelection-des-membres-du-senat-du-29-decembre-2015/>

¹³ <http://archive.ipu.org/parline-e/reports/2193.htm>. The same system is used for the Senate is used at the local government level

¹⁴ <https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/advocacy/madagascar-gender-and-elections/>, tsidika ny 16/12/2019

Noeline Razanadrakoto dia mpanolotsaina ao amin'ny Filankevitra ao amin'ny kaominina ambanivohitra Andoharanomaintso, iray amin'ny Ivon-toerana mendrik' l GL mampihatra ny miralenta eto Madagasikara ao amin'ny fitantanana eny ifotony. Tompondakan'ny miralenta ao amin'ny ny filankevitra izy ary niara-niasa tamin'ny GL hatramin'ny 2008.



RAZANADRAKOTO Noeline,
Mpanolotsaina voafidy ao amin'ny Kominina
Ambanivohitra Andoharanomaintso.
Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

Azony tsara ny lanjan'izany tombony ho an'ny vehivavy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra politika.

Izy no loha lisitry ny antoko politika tsy miankina Fitambolagnela nandritra ny fifidianana teny ifotony farany teo. Nandresy tamin'ny fahazoana toerana efatra amin'ny fito ny antoko nisy azy ary nanendry

vehivavy roa sy lehilahy roa . Lehilahy ihany no notendren'ny antoko politika hafa. "Io indrindra no olana," hoy izy niady hevitra.

"Tokony ampidirina ao amin'ny manifesto ny antoko politika ny fetran'isa na fetran'isa na quota, satria tsy afaka miantehitra fotsiny amin'ny finiavan'ireo antoko politika ireo isika."

Ny fahombiazan'ny antoko politikany tamin'ny fifidianana farany teo dia mitarika amin'ny fanentanana ny mpifidy bebe kokoa amin'ny fampiroboroboana ny miralenta amin'ny ambaratonga rehetra. Ny fifidianana tamin'ny taona 2019 teo dia manamarika ny fe potoana iasana faha efatra ho an-dRazanadrakoto, izany dia mampiseho fa matoky azy ny vehivavy sy ny lehilahy eny anivon'ny fari-piadiidiny.

NY AMIN' NY ANTOKO POLITIKA

Ny Ministeran'ny atitany dia naharay anarana antoko politika 195 tamin'ny Febroary 2018 hifaninana amin'ny fifidianana 2019.¹⁵

Ny Andininy faha-11 amin'ny lalàna laharana 2011- 012 mifehy ny antoko politika dia manome fifandanjana eo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny asa rehetra atao ao anatin'ny antoko politika, ary koa ny safidy hanatevin-daharana ny antoko.

"Ny fananganana antoko politika dia tsy tokony manimba ny firaisam-pirenena, ny maha iray ny lafiny nasionaly sy ny fitsipika demokratika. Tsy tokony hanavahana olona amin'ny lafiny rehetra izy io , na mifototra amin'ny maha lahy na maha vavy, ny farim- pahalalana, ny harena, ny fiaviana, ny firazanana, ny fahatomombanana arabatana, na fitompoan kevitra ara-pinoana. Olona voajanahary ihany no mahazo miditra ho mpikambana ao amina antoko politika."¹⁶

Miankina amin'ny antoko politika tsirairay ny fikambanana ao anatin'ny antoko politika. Mba

hananana fisarihana bebe kokoa sy hametrahana azy eny ifotony , ny antoko politika dia tsy maintsy manana rantsana amin'ny rafitry ny faritra, araka ny voalazan'ilay andininy hoe: " ny antoko politika rehetra dia fehezin'ny rafipitondrana foibe iray ary mety hahitana sampana any amin'ny faritany, faritra ary ny fitantanana eny ifotony.

Ny antoko politika Malagasy manohitra ny antoko eo amin'ny fitondrana, Isika Rehetramiarakaamin' l AndryRajoelina (IRD) na misolo tena ny Tanoramala Gasy Vonona (TGV), dia fehezin'ny lalàna laharana 2011-013. Ity fitsirihana manaraka ity dia manadihady ny fiheverana ny lahy sy ny vavy amin'ny satan'ny antoko politika efatra lehibe: ny TGV, Tiako I Madagasikara (TIM), ny Malagasy Miara-miainga (MMM) ary ny Libéralisme Economique et Démocratique de l'Action de Redressement (LEADER FANILO) noho ny fahaizan'izy ireo mametraka kandida any amin'ny boriborintany rehetra manerana ny firenena.

¹⁵ <https://www.madagate.org/politique-madagascar/analyse/7098-madagascar-16>
¹⁶ Lalàna laharana 2011-012, Andininy faha 12

Fafana 2: Fanadihadiana momba ny miralenta anaty manifeste ny antoko politika

ANTOKO	FANONDROANA MAZAVA MOMBA NY MIRALENTA AO AMIN NY MANIFESTE	FAMPIDIRANA NY MIRALENTA AO AMIN NY MANIFESTE
TGV ¹⁷ Tanora Malagasy Vonona	<ul style="list-style-type: none"> Mampanantena ny fanajana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny, ny zon'ny vehivavy sy ny ankizy ary indrindra ny fahamendrehana maha olombelona Manome antoka fa ny mpikambana rehetra, tsy misy fanavakavahana amin'ny maha lahy na vavy, dia manan-jo hiesaka malalaka momba ny olona ara-politika rehetra mifanaraka amin'ny fifehezana sy ambaratongam pahefanan'ny antoko, hifidy ary hilatsaka ho fidiana amin'ny ambaratonga ny firafitry ny mpikambana, hahazo tombony amin'ny fiofanana omena ao anatin'ny antoko ary hisitraka ny tombotsoa ara-tsosialy sy ara-pitondrantena azo amin'ny alàlan'ny hetsiky ny antoko Tsy misy fetran'isa na quota 	Hampiroborobo ny fampandrosoana maharitra amin'ny alàlan'ny fananganana firaisankina ara toekarena mahasoa ny rehetra
TIM ¹⁸ Tiako I Madagasikara	<ul style="list-style-type: none"> Mikendry ny fampiraisana ny Malagasy rehetra ho an'ny firaisam-pirenena marina feno fitiavana sy fanajana, tsy misy fanavakavahana ara-poko, ara-pihaviana, antoko politika, ara-pivavahana, na amin'ny maha lahy na vavy, na fananana Tsy misy fetran'isa na quota 	Ny manifeste dia manaiky ny lalàna ary fitsipiky ny Vondrona Afrikanina sy ny Firenena Mikambana. Noho izany ny TIM dia hanasongadina ny fahalalahana sy ny filaminana hoan'ny olona rehetra ho tena tanjon'ny hetsika rehetra atao.
MMM ¹⁹ Malagasy Miara-miainga	<ul style="list-style-type: none"> Fampiroboroboana sy fiarovana ny zo ekena eran tany ny sy soatoavina mandrafitra ny fanahin'ny firenena Malagasy. Ny MMM dia mankatoa ny fitsipika repoblikan'ny demokrasia sy ny fitondrana tsara tantana. Mivohy, indrindra amin'ny hetsika politika sy fitantanany, ny kolontsain'ny fifanakalozan-kevitra sy ny "tamberin'andraikitra", ny fampiroboroboana ny miralenta. Manome fahafahana ho an'ny vehivavy ao amin'ny ny Vehivavy Malagasy Miara-Miainga (fikambanan'ny mpikambana vavy) sy ny tanora (Tanora Miara-Miainga) hofidina ho mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny antoko Tsy misy fetran'isa na quota 	<ul style="list-style-type: none"> Hanatsara ny famoronana orinasa izay miteraka tombom-barotra sy asa tsara kalitao ho an'ny rehetra. Hiantoka ny fandraisana anjara eo an-toerana amin'ny alàlan'ny fametrahana ny fitsipiky ny fitsinjaram-pahefana fitantanandrahara, izay tanàna misy ary ny faritra dia toerana malalaka ary aiza no misy ny fanjakana sy ny fanjakana andrim-panjakana no mpiantoka a fizotran'ny fampandrosoana.
LEADER FANILO ²⁰ Libéralisme Economique et Démocratique de l'Action de Redressement (LEADER FANILO)	<ul style="list-style-type: none"> Mikatsaka ny fananganana sy ny fiarovana ny libéralisme demokratika eto Madagasikara; fepetra iray amin'ny ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena ny firenena ary ny fivelarana manontolo ny olom-pirenena malagasy, na lahy na vavy tsy an-kanavaka. Tsy misy fetran'isa na quota 	Haningotra ny tsy fahalalana sy ny tsy fahaizana mamaky teny amin'ny alàlan'ny fampiharana rafi-pampianarana mety sy mirindra, mbà hahatonga ny Malagasy tsirairay ho Olom-pirenena tompon'andraikitra, manana finiavana sy milofo amin'ny ezaka izay ataony.

VOKA-PIFIDIANANA TAMIN IREO FIFIDIANANA TELO FARANY

Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ny fisoloantenan'ny vehivavy amin'ny fanapaha-kevitra politika eto Madagasikara tamin'ny ny fifidianana telo farany. Taorian'ny krizy politika ao amin'ny firenena tamin'ny taona 2009, ny

governemanta tetezamita no nitarika ny firenena hatramin'ny taona 2013. Noho izany, tsy nifanaraka tamin'ny tetiandrom-pifidianana ny fanaovana ny fifidianana.

¹⁷ Statut du parti politique Tanora malaGasy Vonona

¹⁸ Sata mifehy ny antoko Tiako I Madagasikara

¹⁹ Statut du parti Malagasy Miara-Miainga


²⁰ Statut du parti Leader Fanilo

Fafana 3: solontenan'ny vehivavy malagasy amin'ny resaka politika tamin'ny fifidianana telo farany

AMBARATONGA GOVERNEMANTA	Taom-pifidianana	% Vehivavy	% Lehilahy
Antenimieran-doholona	2015	21	79
	2010-2014	13	87
	2008-2009	15	85
Antenimieram-pirenena	2019	17	83
	2014	19	81
	2009	17	83
Kabinetra	2020	33	67
	2019	27	73
	2018	27	73
Ben'ny Tanàna	2019	5	95
	2015	5	95
	2008	4	96
Mpanolon-tsaina	2019	7	93
	2015	8	92
	2008	8*	92

* Ity dia angon'isa tsy ofisialy nanganin'ny Gender Links Madagascar satria ny CENI dia mbola tsy nampihatra ny fandraisana antontan'isa manavaka ny lahy sy ny vavy tamin'izany fotoana izany.

Sary 1: Vehivavy amin'ny politika tamin'ny fifidianana telo farany 2008 - 2019



Ny Sary 1 dia mampiseho ny tahan'ny vehivavy tamin'ireo ambaratongam-pifidianana samihafa tamin'ny ny fifidianana telo farany. Maneho izany fa ny fandrosoana amin'ny fampitomboana ny solontenan'ny vehivavy amin'ny sehatra rehetra dia miadana sy mbola alavitra ny fanatrarana ny fenitry ny SADC Gender Protocol 50%.

Ny tahan'ny vehivavy ao amin'ny Antenimieram-pirenena sy ireo mpanolotsaina anivon'ny fitantanana eny ifotony dia nihena tamin'ny fifidianana 2019, na eo aza ny didim-pitsarana farany fanovana ny rafitry ny fifidianana amin'ny fifidianana eny ifotony manomboka amin'ny rafitra FPTP mankany amin'ny rafitra mifangaro, ka ny Ben'ny tanàna dia voafidy amin'ny alàlan'ny rafitra FPTP ary ny mpanolotsaina dia voafidy amin'ny alàlan'ny rafitra RP ny lisitr'antoko. Mampiseho ny

maha-zava-dehibe ny fisian'ny antoko politika manohana ny rafitra 'lisitra zebree' ahitana fifandimbasan'ny lisitra vehivavy sy lehilahy ao amin'ny lisitr'ireo kandida mà hanomezana herijika mitovy ny vehivavy mà ho voafidy.

Ny tahan'iisan'ny vehivavy ao amin'ny Antenimieran-doholona dia nitombo amin'ny tahavalo isan-jato ary amin'ny kabinetra enina isan-jato. Taratry ny finiavana politika any amin'ny sehatra faratampony izany satria andraikitra ny Filoham-pirenena ny manendry ny ampahatelon'ny loholona rehetra sy ireo rehetra mpikambana ao amin'ny kabinetra. Ho an'ny loholona, vehivavy fito amin'ny 42 (17%) no voafidy mivantana ary enina amin'ny 21 (29%) notendren'ny Filoham-pirenena.

Nanendry vehivavy valo (33%) koa ny Filoha amin'ny kabinetrany saingy tsikaritra ho voatendry amin'ny toerana nentim-paharazana tantanin'ny vehivavy ny ankamaroan'ireo Minisitry Vavy. Ny minisitry manan-danja toy ny Toekarena sy ny

Vola, ny Atitany ary ny Fijeramban-pahefana, ny Fiarovam-pirenena, ny Tanora ary ny Fanatanjahan-tena, ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ara kajy mirindra dia mitoetra ho sehatry ny minisitry lahy.

IREO LALAN-TSAFIDY HAMPITOMBOANA NY TAHA NY VEHIVAVY

Ny fandrosoana miadam-pandeha amin'ny fampitomboana ny solontenan'ny vehivavy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra politika dia mampahatsiaro ny tokony hanavaozana ny fifidianana sy ny fananganana Fepetra manokana na fetran'isa na quota.

Afaka misintona lesona avy amin'ireo firenena vitsivitsy ato anivon'ny faritra (Afrika) izay nandalo fanavaozana ny fifidianana na nampihatra ny fetran'isa na quota na izy roa, I Madagasikara, mbà hampitomboana ny solontenan'ny vehivavy amin'ny fanapahan-kevitra politika.

- Any Namibia, izay firenena iray manana isa avo indrindra amin'ny vehivavy solontena ao amin'ny parlemanta (36%) sy ny fitantanana eny ifotony (48%), ny fifidianana na ny eo amin'ny seha-pirenena na ny ambaratonga eny ifotony dia mifototra amin'ny rafitra RP. Rehefa atambatra amin'ny lalàna momba ny fetran'isa na quota izany (eny ifotony) dia azahoana vokany tsara ho an'ny vehivavy. Nisy ny fangatahana nampidirina tao amin'ny parlemanta mba handraiketana ho lalàna ny fetran'isa na quota eo amin'ny sehatra nasionaly sy eny ifotony.
- Manana rafimpifidianana mifangaro (mixte) i Lesotho dia ny FPTP sy ny RP eo amin'ny firenena ary ny ambaratonga



eny ifotony miaraka amin'ny fetran'isa na quota 30% araky ny lalàna amin'ny ambaratonga eny ifotony. Izany dia nahafahan'i Lesotho nandroso teo amin'ny fifidianana eny ifotony, nahazahoany 40% solontenan'ny vehivavy raha ampitahaina amin'ny 23% amin'ny sehatra nasionaly izay misy fetran'isa na quota ho an'ny toerana RP fa tsy ny toerana FPTP.

- Maorisy mazàna dia mitantana ny fifidianana amin'ny rafitra FPTP. Izy irery ihany no firenena ao amin'ny SADC no nampihatra ny tsy fitongilanana miralenta amina fetran'isa na quota ao amin'ny rafitra FPTP ranoray (fifidianana eny ifotony), izay niafara tamin'ny fiakarana efa ho efatra heny amin'ny solonte nan'ny vehivavy ao amin'ny fitntana eny ifotony tamin'ny taona 2013.



NY AMIN'NY LALAM-PIFIDIANANA

Ny lalàna mifehy ny fifidianana (lalàna fehizoro laharana 2018-008) amin'ny ny rafitra ankapobeny amin'ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka dia mandrindra ny rafitra, ny fizotrany ary fomba hitantanana ny fifidianana. Ny Andininy faha 2, 3, 4, ary 17 n'ny lalàm-pifidianana dia manome zo hifidy tsy hanavahana na lahy na vavy.

Na izany aza, tsy misy andininy amin'ity lalàm-pifidianana ity manome fepetra raikitra afahana mizotra any amin'ny fanatrarana ny tanjona 50/50.

Araka ny voasoratra anatin'io lalàna ankehitriny io, jamba tsy mijery ny miralenta ny lalàna fa mampiasa ny teny frantsay hoe "un", izay manondro fotsiny lehilahy iray. Mba hampidirana tanteraka ny miralenta ao anaty lalàna, tokony hovaina io ka ampidirina ny fiteny mivoy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy.

Misy didim-panjakana telo mifehy ny fizotran' ny fifidianana eny ifotony, izany hoe ny didim-panjakana 1) laharana 2019 - 1540 momba ny

“fanaikana ny mpifidy handray anjara amin'ny fifidianana kaominaly sy monisipaly”, 2) laharana 2019 - 1541” mametra ny fombafomba fandaminana ny kaominaly sy fifidianana

monisipaly” ary 3) laharana 2019 - 1542 “mametra ny vola tokony aloan'ny kandida tsirairay araka ny sokajy filankevitra tadiavin'izy ireo hosoloiny tena”.

NY AMIN'NY FAMATSIAMBOLAN'NY FAMPIELEZAN-KEVITRA

Ny saram-pirotsahana ho an'ny mpifaninana tsirairay dia mizara fomba roa miavaka, ny iray ho an'ny ben'ny tanàna ary ny iray hafa ho an'ny mpanolotsaina. Nitombo avo roa heny ny saran'ny firotsahana ho an'ny kandida raha oharina amin'ny sarany tamin'ny 2015. Io sarany ambony io dia mbola lesoka ihany ho an'ny kandida vehivavy.

Ny lalàna mifehy ny fampielezan-kevitra voalaza ao amin'ny lalàna fehizoro laharana 2018-008 milaza fa “Amin'ny alalan'ny Fanambarana ny fahamendrehana natao rehefa nandefa ny fangatahana, ny mpirotsaka ary ny lisitry ny kandida mifaninana amin'ny fifidianana, na ny tsangam-bondrona manohana ny safidy amin'ny fitsapan-kevi-bahoaka, dia manome toky fa hanaja ny andininy manan-kery momba ny famatsiam-bola ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana, ao anatin'izany ireo izay mifandraika amin'ny fangaraharana, ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny kolikoly.”²¹

Na izany aza, dia mampametra-panontaniana ihany ny fanajana sy ny fahombiazan'io lalàna fehizoro io. Mandany vola miompampana amin'ny seho, fanaovana doka, famoahana amin'ny haino vaky jery sy fangalana mpihira ho an'ny fampielezan-kevitra mantsy ny kandida.

Ireo mpirotsaka hofidiana dia tsy maintsy mandoa saram-pirotsahana ho fidiana izay miovaova eo anelanelan'ny \$ 158 ka hatramin'ny \$ 2634 (miankina amin'ny isan'ny mponina eo amin'ny kaominina). Nitombo avo roa heny nanomboka tamin'ny taona 2015, izy io, ary dia sakana iray ho an'ireo vehivavy mandray anjara amin'ny fifidianana.

Ankoatr'izay, ny fifaninana amin'ny fifidianana dia mitaky enti-manana hampielezan-kevitra, izay tsy takatry ny vehivavy amin'ny ankapobeny, koa aleon'ny antoko politika mifidy lehilahy manankarena, aseho ho lohalaharana amin'ny lisitry ny antokony.

NY AMIN'NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHVAVY MANDRITRA NY FIFIDIANANA

Ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny fifidianana (CENI) sy ny Fiombonan'ny fiaramonim-pirenena (CSO) sasany dia nanamarika nandritra ny fanaraha-maso ny fifidianana fa ny fifampihantsiana am-bava mahery vaika eo amin'ny samy kandida sy ny mpanohana azy no tena karazana herisetra manjaka. Hitan'izy ireo ihany koa ny fandikandalana sasany toa ny fisian'ny bileta efa voamarina mialoha na tsy manaja ny tsiambaratelon'ny fandatsaham-bato.

Ny tsy fanarahan-dalàna hafa dia misy ny hosoka ao anatin'ny lisitry ny mpifidy ary koa ny fizarana

vola amin'ny mpifidy mandritra ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana.

Ny trangana herisetra be hita indrindra dia ny fanafihana ny dahalo tamina biraom-pifidianana tao Mahady. Izany toe-javatra izany dia nanakana ny mpifidy tsy hiditra handatsa-bato ary mampidi-doza ihany koa ho an'ireo vehivavy izay matetika iharan'ny fanolanan ataon'ny daholo. Na izany aza, eto dia tsy misy antontan'isa manokana momba ny herisetra mihatra amin'ny vehivavy mandritra fifidianana.

²¹ Lalàna 2018-008, article 64

NY AMIN'NY VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEO TENA MISAHANA NY FIFIDIANANA (CENI)

Ny lalàm-panorenana dia mamaritra ny fiasan'ny ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny fifidianana, *Commission Electorale Nationale Indépendante* (CENI). Tompon'andraikitra amin'ny fandaminana, fitantanana ny asan'ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka aryny famoahana ny valiny vonjimaika, izy ary "manana toetra aradalàna sy fizaka tena ara-pitondran-draharaha sy ara-bola"²²

Misy sivy ny mpikambana ao amin'ny Biroa maharitra ny CENI notendren'ny filoha, avy amin'ny ny Antanimieran-doholona, Antanimieram-pirenena, Fitsarana Avo momba ny lalàm-panorenana, Fitsarana Tampony, ny Fikambanan'ny mpisolovava, ny Holafitry ny mpanao gazety, ary roa avy amin'ny Fiarahamonim-pirenena na CSO manao fanaraha-maso ny fifidianana. Ireo no

mpikambana foibe izay ampian'ny solontena amin'ny faritany, faritra, distrika ary ny kaominina.²³

Mifanaraka amin'ny teny filamatry ny Vaomiera "Fitantanam-pifidianana azo antoka sy demokratika", ny CENI, dia miara miasa amin'ireo mpisehatra rehetra tafiditra amin'ny fifidianana, ka nikarakara fifanakalozan-kevitra miaraka tamin'ny mpiray ombon'antoka, anisan'izany ny antoko politika, ny fikambanana fiarahamonim-pirenena ary andrim-panjakana ny 11 Mey 2018 teto Antananarivo momba ny fizotry sy ny paikady politika.²⁴

Tamin'izany hetsika izany, ny vehivavy dia nahatratra ny antsasaky ny mpandray anjara tamin'ny fiarahamonim-pirenena sy ny andrim-panjakana saingy tsy nanana solontena firy tamin'ny antoko politika.

MOMBA NY FISORATANA ANARANA ANATY NY LISI-PIFIDIANANA SY FAMPINANARANA NY MPIFIDY

Ny fisoratana anarana ho an'ny mpifidy dia antsitrabo sy havaozina isan-taona. Tsy toy ny firenena SADC hafa misy vehivavy mandrafitra ny ankamaroan'ny mpifidy, ny eto Madagascar ; mbola tsy izany no izy, taratry ny toetra lalina maha-patriarika (manome lanja ny lehilahy) ny fiarahamonina.

Tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2018, ny vehivavy dia nandrafitra ny 46% amin'ireo mpifidy 9.767.098. Ary 48% ihany no mpifidy nandatsa-bato tamin'ny fifidianana filoham-pirenena.²⁵



Manao diabe ho an'ny fitoviana ny ben'ny tanàna eto Madagasikara.

Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

²² Lalàna No 2018-008, andininy 198

²³ Lalàna no 2015-020 mikasika ny CENI", andininy 89

²⁴ Tafitry ny fakan-kevitry: May 11, 2018; In Le Pave Antananarivo

²⁵ <https://www.lactualite.mg/resultat-election-2018/>

Fafana 4: Ny fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana eto Madagasikara mandritra ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2018

	Vavy		Lahy		Fitambarany
Mponina Malagasy	13,191,000	50,1%	13,131,000	49,8%	26,325,000
Mponina Malagasy tonga taona afaka mifidy	6,295,000	50%	6,146,000	49%	12,441,000
Mponina Malagasy voasoratra ao antin'ny lisitry ny mpifidy ny 8 Febroary 2018	4,490,869	46%	5,276,000	54%	9,767,098

Loharanon-kevitra: Rapport synthèse, un processus électoral inclusif favorisant la participation des femmes et des minorités, réseaux des compétences électorales francophones, p45.

Taorian'ny fanavaozana isan-taona ny lisitry ny mpifidy (RALE) tamin'ny taona 2019, dia nahatratra 10.299.583 ny mpifidy voasoratra anarana ho an'

ny fifidianana mpanao lalàna sy ny fitantanana eny ifotony.

Fafana 5: Fisoratana anaran'ny mpifidy ny taona 2019

	Vavy		Lahy		Fitambarany
Mponina Malagasy	13,516,485	50%	13,453,157	50%	26,969,642 ²⁶
Mponina Malagasy voasoratra ao antin'ny lisitry ny mpifidy RALE 2018 -2019	4,745,851	47%	5,553,732	53%	10,299,583 ²⁷

Loharanon-kevitra : Rapport synthèse, un processus électoral inclusif favorisant la participation des femmes et des minorités, réseaux des compétences électorales francophones, p45.

Teto koa dia 47% ny vehivavy tamin'ireo voasoratra anarana hifidy amin'ny fifidianana 2019, na dia mandrafitra mihoatra ny antsasaky ny mponina aza ry zareo. Nisy fiakarana 1% avy amin'ny ny fisoratana anarana amin'ny fifidianana

tamin'ny taona 2018, izay havaozina isan-taona. Io fandrosoana io dia miankina indrindra tamin'ny fanabeazana mpifidy nation 'ny CSO momba ny maha-zava-dehibe ny fifidianana.

NY AMIN'NY ANDRAIKITRY NY FIARAHAMONIM-PIRENENA

Gender Links Madagascar (GLM), ny Electoral Institute of South Africa (EISA) sy ny National Council of Women of Madagascar fantatra amin'ny anarana hoe Conseil National des Femmes de Madagascar (CNFM) no mpiantsehatra lehibe amin'ny fiarahamonim-pirenena miasa ho an'ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny sehatra politika eto Madagasikara.

Tamin'ny taona 2011, ho fiaraha-miasa tamin'ny Televiziona Nasionaly Malagasy, GLM dia nikarakara adihevitra tamin'ny fahitalavitra momba ny quota mitondra ny lohateny hoe : "Quota eto Madagascar: voadidy ny lalàna sa an-tsitrapo? " Antoko politika lehibe enina no

nandray anjara tamin'ny adihevitra niaraka tamin'ireo mpandray anjara zato eo ho eo. Ireo izay manohitra ny fetran'isa na quota dia nampiasa tohan-kevitra toy ny tsy fahampian'ny fahalinan'ny vehivavy sy ny fahalalana, raha ireo manohana ny quota kosa dia nanantitra ny tokony hisiana fepetra mandrisika ka hampitombo ny fandraisana andraikity ny solontena politika ho an'ny vehivavy.

Tamin'ny 2012, miaraka amin'ny fanohanan'ny fiarahamonim-pirenena, dia nisy andrana voalohany dia ny volavolan-dalàna n ° 3 2012 / PL, ref: V / L n ° 093 CT / P / SG ny 26 Oktobra 2012 amin'ny fetran'isa na quota, natolotry ny solombavambahoaka vehivavy iray, Lanto

²⁶ <http://www.electionguide.org/elections/id/3187/>
²⁷ Tahirin-kevitra Excel avy amin'ny CENI

Rakotomanga. Na teo aza ny fandresendahatra, io volavolan-dalàna io dia tsy nekena nohon'ireto antony manaraka ireto: (i) ny fomba amampanao nentin-drazana ao amin'ny faritra sasany eto Madagasikara (Indrindra ny Faritra Atsimo, Atsimo Andrefana sy Atsimo Atsinanana), (ii) tsy nanaiky izany ny parlemanta nanohitra rafitra fetran'isa na quota, (iii) ny miralenta dia tsy resahina amin'ny antoko politika.

Tamin'ny taona 2013, nikarakara fitsidihana fanadihadiana tany Maurice i GLM, miaraka amin'ireo mpandray anjara fototra, hahafantarana bebe kokoa momba ny fomba nampiharana ny firenena ny rafitra quota, izay niteraka fiakarana azo tsapain tanana amin'ny solontenan'ny vehivavy eny ifotony. Ireto ny lesona azo notsohahina: (i) Ny firenena dia nanomboka tamin'ny fampiharana ny rafitra quota any amin'ireo vondrom-piarahamonina ifotony (ii) Zava-dehibe ny fampiasana ny fiteny tsy miandany, ny teny hoe "quota" dia mampifanditra, ny fampiasana ny fitenenana "solontena mifanaraka amin'ny isan'ny vehivavy sy ny lehilahy" dia mety kokoa, (iii) Ny Quotas dia tokony ampiarahina amin'ny fepetra hanamafisana ny fahaizan'ny vehivavy, indrindra amin'ny fampiofanana ny kandida vehivavy.

Tamin'ny taona 2014, nisy ny andrana faharoa hanolorana volavolan-dalàna momba ny fisolo tena ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny toerana misy fanapahan-kevitra.

Nisy ny atrikasa fifampidinihana nokarakarain'ny Minisiteran'ny Fitsarana, miaraka amin'ny fanohanana ny Tetikasa Fanohanana ho an'ny Tsingerim-pifidianana eto Madagasikara (PACEM), ny Biraon'ny Kaomisiona Avo ho an'ny Zon'olombelona (OHCHR) ary ny filankevitra nasionalin'ny vehivavy eto Madagascar (CNFM) handrafitra volavolan-dalàna, saingy tsy nisy tohiny izany teo anivon'ny ministera.

Ny fandresen-dahatra amin'ny alalan'ny haino vaky jery dia fomba iray nanapariahan'ny GLM ny foto-kevitra momba ny maha-zava-dehibe ny fandraisan'anjara ny vehivavy amin'ny toerana misy fanapahan-kevitra nefa koa hampirisihana ny governemanta hanova ny rafi-pifidianana amin'ny alàlan' ny fandaniana ny quota.

Mialoha ny fanendrena ireo loholona tamin'ny 2015, ireo fikambanana miasa ho fampiroboroboana ny zon'ny vehivavy dia nanao hetsika fanentanana miantso ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, izay manan-jo hanendry 1/3 ny loholona, hanendry farafaharatsiny 50% ny vehivavy amin'ny fanendrena izay ho ataony. Ny fikambanana dia nanolotra anarana vehivavy azon'ny Filoha tendrena. Tamin'ny taona 2019 dia nanendry vehivavy enina tamin'ny 21 notendrena ho loholona (29%) ny filoha

NY AMIN'NY ANDRAIKITRY NY HAINO VAKY JERY



Resadresaka nifanaovan'ny mpanao gazety tamin'i Paul bert, mpikambana ao amin'ny Parlemanta. Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

Ny Lalàm-panorenana dia manome fahalalahana maneho hevitra sy fitenenana, fifandraisana, ny haino vaky jery, ny fiarahana, fivoriambe, fivezivezena, feon'ny fieritreretana sy ny fivavahana.

“Ny CENI dia tompon'antoka amin'ny fiantohana ny fizarana mitovy ny ora fandraisam-pitenenan'ny kandida sy antoko mandritra ny vanim-potoana fifidianana, ary indrindra ny amin'ny fampielezan-kevitra. »²⁸

Ny onjam-peo no mijanona ho fitaovana voalohany amin'ny fifandraisana ary indrindra ny Radio pirenena Malagasy (RNM), izay mandrakotra ny nosy manontolo. Anjakan'ny

fanjakana sy ny lehilahy malaza tompon'ny trano fampitam-baovao ny haino aman-jery.

Ny fanaraha-maso fanadihadiana ny miralenta sy ny fifidianana tamina orinasan-tserasera 16 teto Madagasikara, manomboka ny 14 Novambra hatramin'ny 10 Desambra 2019, dia mampiseho fa nanjakazakan'ny lehilahy ny vaovao, indrindra ny TV sy ny onjam-peosatria izy ireo ny ampahany betsaka indrindra amin'ny kandidà. Arak'io fanadihadiana io, 21% fotsiny amin'ireo loharanom-baovao no vehivavy.

Nandritra ny vanim-potoana fanaraha-maso ireo haino vaky jery nandritry ny vanim-potoana ny fifidianana, ny antoko nirotsaka hofidiana ao amin'ny filan-kevity ny tanànan'Antananarivo ohatra, izay tsy nanana kandidà vehivavy, dia nametra-panontaniana momba ny fahaizan'ny Ben'ny tanàna teo aloha, Lalao Ravalomanana. Ny *La gazette* tamin'ny 29 Novambra 2019, dia

nilaza ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ho tsy mahay "l'équipe incompétente de Lalao Ravalomanana". Ary ny *La vérité*, tamin'ny 7 Desambra 2019, namoaka lahatsoratra iray: "Fotoana hanaovan'i Lalao Ravalomanana sy Riana Randriamasinoro tatitra", mitaky tamberin' andraikitra amin'ny fotoana nitondran'ny Ben'ny tanàna.

Amin'ny fandrakofana miabo kokoa an'ireo vehivavy mpanao politika indray, tamin'ny 3 Desambra 2019, taorian'ny fifidianana i Nicole Veronique Rajerison, kandidà ho an'ny antenimieram-pirenena tamin'ny fifidianana, dia niantso ny olom-pirenena ho tony mandrapamohahana ny valim-pifidianana ofisialy. Tamin'ny 5 Desambra 2019, Free News dia nitatitra momba ny fifidianana an'i Hanta Rabearisoa tao amin'ny kaominina ambanivohira Bongatsara, mankasitraka ny olona rehetra izay nifidy azy nandritra ny fifidianana teny ifotony.

FEHINY SY TOLOKEVITRA

Ny fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny politika dia iray amin'ireo zon'olombelona voarakitra ao amin'ny fifanarahana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy isam-paritra, ao anatin'izany ny fenitryny SADC momba Miralenta sy fampandrosoana, izay mitaky 50% vehivavy amin'ny sehatra miankina sy tsy miankina.²⁹ Na izany aza manerana ny faritry ny SADC dia mbola ambany lavitra ny fifandanjana ny fandraisana anjara satria 28% ny vehivavy ao amin'ny parlemanta ary 25% amin'ny eo amin'ny fitantanana eny ifotony.³⁰ Mbola somary lavidavitra kokoa aza i Madagasikara satria 18% ny vehivavy ihany ao amin'ny antenimera roan'ny parlemanta ary 7% fotsiny ao amin'ny mpitondra eny ifotony, izany dia mampiseho ny filàna fakana fepetra mifanaraka amin'izany mba hampitomboana ny solontenan'ny vehivavy ao fanapahan-kevitra politika. Ny tolo-kevitra sasany ho an'ny firenena dia:

Fanavaozana ny lalàm-pifidianana: avaozina ny rafi-pifidianan'i Madagasikara ho an'ny Antenimiera sy ny mpitondra eny ifotony ary hiova ho rafitra RP miaraka amin'ny quota miralenta. Tokony ahitsy ny lalàm-panorenana sy ny lalàm-pifidianana mitaky ny antoko politika hametraka ny vehivavy amin'ny 50% ny mpilatsaka hofidiana

na amin'ny sehatra ny firenena na eny amin'ny fitantanana eny ifotony.

Ny antoko politika dia tokony hametraka quota mba hisian'ny fisoloan-tena mitovy ny vehivavy ao anatin'ny rafitry'izy ireo ary koa hampiasa ny rafitra lisitra 'zebrée' izay tokony hohamarinin'ny Ministeran'ny Atitany izany.

Ny Voamiera Mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI): dia tokony hiroso amin'ny

- Famoahana angon-drakitra manavaka ny isan'ny lahy sy vavy ho an'ny lisitry ny kandidà, ny mpifidy ary ny valim-pifidianana hanombanana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy.
- Fandresen-dahatra amin'ny fanavaozana ny lalàna izay hiantoka solontena mitovy amin'ny lehilahy sy vehivavy.
- Famolavolana politika momba ny miralenta mba hahazoana antoka fa misy ny politika sy ny fomba ao amin'ny Voamiera miasa amin'ny fanatsarana ny satan'ny vehivavy.
- Fandresen-dahatra amin'ny fanavaozana ny lalàna entina hiatrehana ny herisetra atao amin'ny vehivavy mandritry ny fifidianana.
- Fanomezan'antoka fa omena toerana ny vehivavy ao anatin'ny Voamiera.

²⁹ Fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, Andininy 12

³⁰ <https://genderlinks.org.za/gender-links-community/sadc-gender-barometer-data-portal/gender-and-governance/> tsidika ny 16/12/2019

Ny haino vaky jery:

- Fanavaozana ny Lalàna mifehy ny serasera na Code de Communication ary ho takiana ampidirina ny fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy.
- Fandanjalanjana sy fampitovizana fomba fijery, indrindra ho an'ny kandidà, loharanom-baovao ary mpifidy vehivavy.
- Famafisana ny fahaizan'ny orinasan-tserasera momba ny fanentanana mikasika ny miralenta sy ny fomba hanatanterahana ny fitaterana fifidianana tsy mitongilana ka mampitovy lanja ny lahy sy ny vavy.

Ny Fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena: dia tokony hiara-hiasa amin'ny fanamafisana ny fanaraha-maso sy anjara asa fandresen-dahatra sy fanohanana, amin'ny alàlan'ny:

- Fampitomboana ny fandresen-dahatra amin'ny ezaka fitadiavana loharanom-bola sy fiarovana

ny fisoloan-tena ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny politika.

- Fanaovana adisisika momba ny fampidirana ny fetran'isa na quota sy fanavaozana ny rafimpifidianana fotoana mialoha be ny fifidianana amin'ny taona 2024.
- Fanamafisana ny fahaizan'ny vehivavy mpilatsaka hofidiana eo amin'ny fomba fampielezan-kevitra sy fandraisana fanapahan-kevitra politika.
- Fandresen-dahatra ny antoko politika hampihatra fetran'isa na quota ao anatin'ny antokony.
- Fanentanana ny mpifidy momba ny hetsika fanentanana 50/50 sy ny maha-zava-dehibe ary ny tombontsoa azo avy amin'ny fifidianana vehivavy handray fanapahan-kevitra politika.



Sasany amin ireo mpisolovava eto Madagasikara.

Sary: Zotonantenaina RAZANADRATEFA

IREO BOKY NOTRANDRAHANA (BIBLIOGRAPHIE)

- CENI MADAGASCAR, « Document stratégique pour une amélioration de l'encadrement juridique du processus électoral malgache », 2016, 202p
- Lalampianan'ny Repobika n'i Madagasikara 2010
- Friedrich-Ebert-Stiftung, « Qu'est-ce que la société civile », 2009
- Lalàna laharana 2011-012 momba ny antoko politika, 2011
- Lalàna laharana 2003-024 mikasika ny fifidianana monisipaly, 2003
- Lalàna fehizoro laharana 2018-008, 2008
- Fianarahan ny SADC Miralenta sy Fampandrosoana Post 2015
- Réseaux des compétences électorales francophones, « Un processus électoral inclusif favorisant la participation des femmes et des minorités », 2018, 112P
- Fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana (2008)



AFRICAN WOMEN'S
DEVELOPMENT FUND



GENDER LINKS
FOR EQUALITY AND JUSTICE

Gender Links Madagascar, Immeuble le Premium Workspace, rez-de-chaussée
Ex-village des jeux, Ankorondrano, Antananarivo 101, Madagascar
Téléphone: + 261 34 07 573 61 • Email: madamanager@genderlinks.org.za

www.genderlinks.org.za